السنّة النبوية وعلومها
www.sunnah.global

# “Rehefa miditra ao amin’ny Paradisa ny olona ao amin’ny Paradisa, dia hiteny Allah hoe : Mbola mila zavatra hafa homeko ve ianareo?

Tatitra azo avy amin'i Sohaib (R.A), niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : “Rehefa miditra ao amin’ny Paradisa ny olona ao amin’ny Paradisa, dia hiteny Allah hoe : Mbola mila zavatra hafa homeko ve ianareo? Dia hamaly izy ireo : Tsy efa nazavainao ve ny tarehinay? sy nampidirinao tao amin’ny Paradisa ve izahay ka namonjy anay tamin’ny helo? hoy izy : “Dia hesorina ny zavatra manakona ny maso, ka tsy nomena zavatra tsara sy tian'izy ireo mihoatry ny mijery ny Tompony, ilay Tsitoha sy Lehibe.

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Miteny i Mpaminany (S.A.W) fa rehefa miditra ao amin'ny Paradisa ny olon'ny Paradisa dia hiteny amin'izy ireo Allah ilay Tsitoha: Misy zavatra tianareo ampiana ve ianareo? Dia hiteny avokoa ny olon'ny Paradisa hoe : Tsy efa nataonao fotsy ve ny tavanay? Tsy nampidirinao tao amin’ny Paradisa ve izahay ka namonjy anay tamin’ny helo ianao? Ka dia esorin’Allah ny zavatra manasaraka; Ary ny zavatra nanasaraka dia mazava sy mamirapiratra, ka tsy nomena zavatra tsara sy tian'izy ireo mihoatry ny mijery ny Tompon'izy ireo.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/8344

النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee